15E MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Handray anjara ny filoham-pirenena mivady

**Fifaninanana efatra karazana no voalahatra hatao ny 11 oktobra izao. Tonga mavitrika sady maro koa ireo mpanohana sy mpiray ombon'antoka.**



Rasanda Serge

Hiavaka ny andiany faha-15 amin'ny Marathon International de Tana izay hatao ny 10-11 oktobra izao. Hiaraka hikarakara azy io ny "World Trade Center" sy Federasiona malagasin'ny atletisma miaraka amin'ny orinasa VIMA ary ny minisiteran'ny tanora sy fanatanjahantena sy ny minisiteran'ny tontolo iainana ary ny fikajiana ny ranomasina sy ny ala. Hampiavaka ity andiany ity ny fandraisan'anjaran'ny filoham-pirenena mivady. Ankoatra izay dia hanamafy ny maha fifaninanana iraisam-pirenena azy io ny fanaraha-maso sy fidirana an-tsehatry ny Amaury Sport Organisation izay efa zatra mikarakara ny Rallye Dakar, Tour de France am-bisikileta ary ny Schneider Marathon de Paris. Nambaran'ny mpikarakara koa fa hatolotra ny Akamasoa ny 20%-n'ny vola azo eo. Ny 11 oktobra no tena hanaovana ny hazakazaka samihafa izay hizara sokajy efatra ny fifaninanana dia ny Marathon mirefy 42,195km, ny "Foulees Ecolo" amin'ny halavirana 10km entina hanamarihana ny andro maitso tsy hitondrana fiarakodia, ny "handirun" ho an'ireo manana fahasembanana mirefy 10km ary ny "Maratoons" izay natokana ho an'ny mpianakavy sy indrindra ireo ankizy izay 1,5km mihodidina ny araben'ny fahaleovantena. Eo amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely hatrany ny fiaingana sy fahatongavana. Hisy ihany koa ny Village Marathon eo amin'ny tokotany manoloana ny Lapan'ny tanàna ny 10-11 oktobra. 15 000 Ariary ny saram-pandraisan'anjara fa afaka mifampidinika amin'ny mpikarakara kosa anefa ireo te handray anjara fa tsy manana hoenti-manana. Mikasika ny lalana dia tsy niova fa ilay efa fampiasa hatrizay ihany izay efa nanaovana ny Lalaon'ny Frankofonia ny taona 2017 ary ankatoavin'ny IAAF. Anisan'ny hiaro ny voninahi-pirenena amin'io ilay sangany Malagasy Andriamparany Hajanirina izay efa in-3 nandrombaka ity fifaninanana ity ny taona 2010, 2011, 2012. Hisy ireo mpandray anjara vahiny saingy tsy mbola voafaritra aloha hatreto. Ankoatra ny amboara sy medaly dia hahazo loka goavana ireo mendrika rehetra fa tsy mbola nampahafantarin'ny mpikarakara ny sandany. Mikasika ny fandaminana ny fifamoivoizana dia ho tapaka avokoa ireo lalana holalovan'ny fifaninanana ary hohamafisina sy hampitomboina avo roa heny ireo mpitandro ny filaminana avy amin'ny polisy sy zandary ary ireo mpiasa an-tsitrapo hisahana izany.

Tia tanindrazana.